Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

NY FANDRESENA HO AN'NY OLONA AO AMIN'NY FANEKENA AO AMIN'NY BATISA

I. NY FANEKENA FAHAEFATRA AMIN'NY BATISAN-JAZA :

Ireo fanekena ao amin'ny batisa dia fanontaniana apetraka amin'izay nitondra ny zaza hatao batisa ary valiany hoe "eny" raha tiany hatao batisa ilay zaza.

Litorjia batisa FJKM :
"Samy hanao izay zakanareo avy va ianareo ka hivavaka ho azy sy hampianatra azy hivavaka ary hampiditra azy ho amin'ny Sekoly Alahady ?"

Litorjia batisa FLM :
"Samy hanao izay zakanareo avy va ianareo na amin'ny fananarana na amin'ny fitondran-tena mba hampaharitra azy ao amin'I Kristy ? … Hokarakarainareo va ny hahazoan'ity zaza ity fianarana mba hahalalàny tsara ny Soratra Masina sy ny fivavahana kristiana ?"
Teny ho an'ny ray aman-drenin'ny zaza sy ny mpiantoka azy (eo am-pamaranana ny fanaovana batisa) : *"… Ianareo no hanao izay zakanareo mba hampianarina ny fotopianarana kristiana izy, ka hotaizaina araka ny Tenin'Andriamanitra, haharetany hitoetra ao amin'i Kristy, satria efa nampiraisina Aminy tamin'ny batisa izy izao. Ho aminareo anie ny Fiadanana ! Amen !"*

1. <u>Ny heviny tsotra</u> :

Raha dinihina dia **fanekena hitaiza ny zaza ara-panahy mba hahalalany tsara ny batisa izay nanaovana batisa azy sy hanekeny ny Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina ho hany Andriamaniny** no hevitra tsotra fonosin'ity fanekena fahaefatra ity. Izany hoe fitaizana ilay zaza mba **tsy hahalala na inona na inona ho famonjena izy ankoatra an'i Jesosy Kristy voahombo teo amin'ny Hazo Fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty** : izany rahateo no iorenan'ny finoana kristiana.

Raha tsorina dia fitaizana azy ara-panahy mba tena hiainany ny maha-kristiana zanak'Andriamanitra azy.

2. <u>Fandraisana azy ara-pinoana</u> :

Rehefa mamaly "eny" amin'ireo fanontaniana ireo izay nitondra ny zaza hatao batisa dia :

- tsy dia amin'ny pastora loatra no nanaovany izany **"eny" masina** izany fa dia tena eo anatrehan'Andriamanitra tokoa. Noho izany dia **fifanekena nifanaovany tamin'Andriamanitra** izany. Izay no maha-masina io fanekena io.
- midika ho **engagement** ekena sy raisina eo anatrehan'Andriamanitra izany.
- satria **Andriamanitra no efa ni-s'engager voalohany** nanome ny Fahasoavany amin'ilay zaza :

  Gen. 17, 7 : Ary haoriko ny fanekeko ho amiko sy ho aminao mbamin' ny taranakao mandimby anao hatramin' ny taranaka fara mandimby, ho fanekena mandrakizay, mba ho Andriamanitrao sy ny taranakao mandimby anao Aho.
  Jer. 30, 22 : ary ianareo ho oloko ary Izaho ho Andriamanitrareo.

Ny "eny", faneken'ireo izay nitondra ny zaza hatao batisa, dia tsy inona fa valin'io engagement noraisin'Andriamanitra io.

3. Fiainana azy amin'ny lafiny pratika :

Matetika anefa dia zary adinodino io fanekena masina nifanaovana tamin'Adriamanitra io satria varimbarian'ny fiainana ny olona, ao koa ireo olana maro samy hafa. Ary mazàna dia ny lafiny ara-piainana andavan'andro no imasoan'ny olona :

- asa aman-draharaha,
- fitaizana ara-batana, sakafo, fanatanjahan-tena, fitsaboana, mba ho salama tsara ny zaza,
- fitaizana ara-tsaina, amin'ny fianarana, mba hahazo mari-pahaizana farany izay ambony ny zaza rehefa lehibe ka hanana asa tsara hivelomany.

Ary dia mora foana ny manipy any amin'ny fiangonana ny fitaizana ara-panahy ny zanatsika. Marina tokoa fa manao fanekena koa ny fiangonana rehefa misy batisa (cf. fanekena fahatelo). Marina koa fa ny fianaran'ny ankizy ny Soratra Masina ao amin'ny Sekoly Alahady na ny fianarana katekomena dia fanampiana azy hahatakatra ny antony hanaovana batisa azy sy ho fikolokoloana ny finoana.

Toy ny mpitandrim-pananana ihany ny ray aman-dreny (sy ny mpiantoka ny zaza hatao batisa) eo anatrehan'Andriamanitra. Nomen' Andriamanitra antsika ny zanaka mba hotezaina. **Ny ray aman-dreny no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitaizana ny zanany**. Ny antony dia satria izy ireo no mahita ny zaza maharitra sy hipetrahany ary mamelona azy. Ny pastora sy ny fiangonana dia fotoana fohy ihany no ifaneraserany amin'ny olona tsirairay.

II. NY FANATANTERAHAN'ANDRIAMANITRA NY FANEKENY :

Ny Gen. 17, 9 dia manambara mazava fa **andidian'Andriamanitra antsika** (fa tsy option) **ny fitandremana** (= fankatoavana sy fiainana) **ny fanekeny** : "Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama : Fa ny

aminao kosa, dia ny hitandrina ny fanekeko ianao, dia ianao sy ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby".

Kanefa koa misy fampanantenana lehibe ataon'Andriamanitra ao amin'ny fanekeny.

1. <u>Ny fandresena ao amin'ny fanekena</u> :

Ao amin'ny fanekeny dia mampanantena fanomezam-pahasoavana lehibe ny Tompo Andriamanitsika :

> **1 Jao. 5, 4** : "Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia **maharesy izao tontolo izao**, ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia **ny finoantsika**". Ny hoe "izao tontolo izao" eto dia manondro ny fanjakan'Ilay ratsy, dia ny devoly, sy ny fitambaran'ireo rehetra tsy manaiky ny fahefan'Andriamanitra.
>
> **1 Jao. 4, 4** : "Anaka, **ianareo dia avy amin'Andriamanitra ary efa naharesy** ireny, satria lehibe Izay ao aminareo noho izay ao amin'izao tontolo izao". Ireo fampianaran-diso, ny fahotana, ny tsy fahamarinana, ary ny fahafatesana ara-bakiteny sy amin'ny endriny rehetra no voafaoka ao anatin'ny herin'ny maizina izay ambara fa resin'ny kristiana.

Tanteraka ao amin'ny finoantsika ny fandresena omen'ny Tompo antsika :

> **1 Jao. 5, 5** : "Iza moa no maharesy izao tontolo izao afa-tsy izay mino fa Jesosy no Zanak' Andriamanitra ?" Ny finoana an'i Jesosy Kristy no tanana mitsotra izay andraisantsika ny fandresena avy amin'ny Tompo. Tsy finoana manjavozavo no resahina eto fa finoana an'i Jesosy "Kristy Zanak'Andriamanitra velona" (cf. mat. 16, 16). Ary ny hoe: "mino" na "finoana" dia tsy vitan'ny fanononana na famakiana fanekem-pinoana fotsiny, na fanaovana an'izany tsianjery. Fa ny dikan'ny finoana an'i Jesosy Kristy dia fanekena hofeheziny, fiombonam-piainana feno Aminy,

fiarahan-dalana mandrakariva Aminy. Zava-dehibe koa ny ifampiresehantsika hatrany Aminy, amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fihainoana sy fiainana amin'ny Teniny. Ao koa ny fanatanterahana sy fanohizana ireo asa izay nataony fony Izy tety amin'izao tontolo izao, dia ireo asam-pamonjena, asam-pahamarinana ary asam-pitiavana, ary fanaovana Azy ho antom-pahavelomana mihitsy.

Tena manan-danja tokoa **ny fahatokisana ao amin'ny finoana :**

Mat. 17, 20 : "Raha manana finoana ohatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo ka hiteny amin' io tendrombohitra io hoe : Mifindrà erỳ, dia hifindra izy ; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao". Na dia kely tahaka ny voan-tsinapy aza ny finoantsika, kanefa miorina eo amin'i Jesosy Kristy, Ilay Mpandresin'ny mpandresy, dia hampandresy antsika tokoa.

Mat. 21, 22 : Ary na inona na inona no angatahinareo amin' ny fivavahana atao amin' ny finoana dia ho azonareo.

Mar. 11, 24 : Koa lazaiko aminareo : Na inona na inona tononinareo amin' ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.

Ny finoana ambara eto dia tsy fahatokisan-tena, sanatria, fa **finoana an'ilay Jesosy Kristy voahombo tamin'ny Hazo Fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty** :

Asa. 3, 16 : Ary ny Anarany no nampahatanjaka io lehilahy hitanareo sy fantatrareo io noho ny finoana ny Anarany ; eny, ny finoana izay azo amin' ny alalany no nahazoany izao fahasitranana tsara eto imasonareo rehetra izao.

Rom. 10, 8-10 : 8 … Eo akaikinao ny Teny, dia eo am-bavanao sy ao am-ponao [Deo. 30. 12-14], dia ny Teny ny amin' ny finoana, izay torinay 9 satria raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao ianao ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena ianao. 10 Fa amin' ny fo no inoana hahazoana fahamarinana, ary amin' ny vava no anekena hahazoana

famonjena.

Izay indrindra no maha-**vital ho antsika kirsitiana ny fifampiakasokasohana sy ny fifankazarana amin'ny Tenin'Andriamanitra ka tokony hiainoantsika Azy mandrakariva.** Satria **ny finoana dia avy amin'ny Tenin'Andriamanitra** :

- **Rom. 10, 17** : "Koa ny finoana dia avy amin' ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin' ny tenin' i Kristy".
- Koa dia aza atao an-tsirambina re, tompoko, azafady, na koa hatao ho enta-mavesatra eo amin'ny fiainanao ny Tenin'Andriamanitra fa herin'Andrimanitra ho famonjena anao izany : **Rom. 1, 16-17** : **16** Fa tsy menatra ny filazantsara aho; fa herin' Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany, amin' ny Jiosy aloha, dia vao amin' ny jentilisa [Gr. Grika] koa. **17** Fa amin' izany no anehoana fahamarinana avy amin' Andriamanitra avy amin' ny finoana sy ho amin' ny finoana, araka ny voasoratra hoe: Ny marina amin' ny finoana no ho velona [Na: Ny marina ho velon' ny finoana] [Hab. 2. 4].

2. <u>Ny andraikitrin'ny ray aman-dreny sy ny mpiantoka</u> :

Mila sy miantso olona hiara-miasa Aminy Andrimanitra ho fanantanterahany ny fanekeny. Ianao ray aman-dreny sy mpiantoka ny zaza dia antsoiny ho amin'izany (manana anjara amin'izany antso izany rahateo koa ny fiangonana) asa masina izany. Satria zanakao rahateo no hatao batisa.

2. 1. <u>Amin'ny fifampitondrana ao an-tokan-trano</u> :

Amin'izany dia ataon'ny ray aman-dreny **:**

- **ny hananatra sy hanitsy** ny zanany fa tsy hijery fotsiny ny tsy mety ataony,

- **ny fanomezana ohatra tsara azy ireo amin'ny fitondrantena.** Izay atao rehetra na amin'ny teny na amin'ny fitondrantena dia ianaran'ny zaza fa tsy azo atao ho tsy fantany izany,
- **ny mifady ny devoly sy ny asany rehetra ary ny fombany (DAF) rehetra,**
- **ny miaina amin'ny fifankatiavana** ho fianaran'izy ireo.

2.2. Fitaizana ara-panahy :

Tena andraikitry ny ray aman-dreny ihany koa :

- **ny fampianarana ny zanany hahalala an'Andriamanitra sy ny Teniny ka hitarika azy ireo ho tia sy hatahotra Azy,**
- **ny fahazotoana mivavaka sy ny fitiavana ny Tenin'Andriamanitra,**
- **ny mampirisika azy ireo mandrakariva ny ho tia ny fiangonana, ary indrindra ny hianatra ao amin'ny Sekoly Alahady** izay ianarany koa ny tenin' Andriamanitra sy hitomboany amin'ny finoana.

3. Ny fandresen'ny co-équipier-n'i Jesosy Kristy :

Raha ny tena marina dia **ny Tompo Jesosy no tena miasa fa isika dia fitaovana ampiasainy fotsiny ihany** (toy ny gomme any am-pianarana : ny gomme no mamafa ny diso eo amin'ny kahie fa ilay mpianatra no manitsy ny diso satria ny gomme tsy afaka ny handeha ho azy eny amin'ny kahie). Izany hoe ny Tompo no miasa fa **ianao ray aman-dreny sy mpiantoka ny zaza dia ataony ho ao anatin'ny ekipany.** Ka dia miara-miaina sy mahazo ny fandresena amin'ny Tompontsika, araka ny nampanantenainy rahateo.

Izany maha-**co-équipier-n'i Jesosy Kristy anao** izany dia miantoka ny fandresenao :

Rom. 8, 37 : "…manohatra noho ny mandresy isika ".
Fandresena mitohy ary fandresena maharitra no miandry anao kanefa misy dingana tsy maintsy atao :

- ny Dingana voalohany dia **ny firaisana amin'ny Fanahy Masina**. Io no ahafahana manana ny fijerin'Andriamanitra, mihaino tahaka Azy, ananantsika ny toetrany maha-zanak'Andriamanitra antsika (Rom. 8, 14 : Fa izay tarihin' ny Fanahin' Andriamanitra no zanak' Andriamanitra), ahafahana manana fandresena mitohy.
- miainga amin'ny **fanekena an'i Jesosy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy** izany : ialana amin'ny fahotana, ary manapa-kevitra hiova fitondran-tena, hiala amin'ny ratsy fanao (fibebahana) ka miverina amin'Andriamanitra. Ny manaiky an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy dia mandray ny **fahateraham-baovao**. Io no fotoana handraisanao ny Fanahy Masina, hanaovana ny batisan'ny Fanahy Masina, andevonana ny toetra teo aloha ka handehana amin'ny toetra vaovao. Ny batisa dia tandindon'ny fandevenana ilay teo aloha ary fitsanganana kosa ho olom-baovao.
- ao koa ny **fanoloranao tanteraka ny tenanao sy ny fiainanao ary ny momba anao rehetra ao amin'i Jesosy Kristy**. Tsy vitan'ny hafanam-po ny resaka fa tena mila fanoloran-tena mihitsy. **Rom. 12, 1** : " Koa amin' izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon' Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany." Tena ankasitrahan'Andriamanitra ny fanoloran-tenanao araka izay hitantsika ao amin'ny **Gen. 22, 16-18** : "Ny tenako no nianianako, hoy ny TOMPO : Satria nanao izany zavatra izany ianao ka tsy niaro ny zanakao, ilay lahitokanao, **17** dia hitahy anao tokoa Aho ary hahamaro dia hahamaro ny taranakao, ho tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra sy ho tahaka ny fasika izay any amoron-dranomasina ; ary ny taranakao hahazo ny vavahadin' ny fahavalony ; **18** ary

amin’ ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin’ ny tany, satria nanaiky ny teniko ianao”. Ny fitahiana tokoa dia tsy mba azon’izay tsy nanolo-tena raisina ny fanoloran-tena

Ahoana àry no hatao amin’ny fanoloran-tena ? :

Rom. 6, 11-13 : 11 Ary aoka ho tahaka izany koa ianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho efa maty ny amin’ ny ota, fa velona ho an’ Andriamanitra ao amin’ i Kristy Jesosy. 12 Koa aza avela ny ota hanjaka amin’ ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filany ; 13 ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin’ ny ota ho fiadian’ [Na: fiasan’] ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an’ Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian’ [Na: fiasan’] ny fahamarinana ho an’ Andriamanitra.

Fananarana no ataon’ny Tenin’Andriamanitra fa **ianao no tompon’andraikitra satria ianao no misafidy** :

Rom. 6, 14-16 : 14 Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin’ ny lalàna hianareo, fa ambanin’ ny fahasoavana. 15 Ahoana ary : hanota va isika, saingy tsy ambanin’ ny lalàna, fa ambanin’ ny fahasoavana ? Sanatria izany ! 16 Tsy fantatrareo va fa raha manolo-tena ho mpanompo ianareo na ho an’ iza na ho an’ iza, dia mpanompon’ izay arahinareo ianareo, na ny ota ho amin’ ny fahafatesana, na ny fanarahana ho amin’ ny fahamarinana ?

Aza manolotra ny masonao hijery izay tsy araka ny sitrapon’Andriamanitra, na ny vavanao hiteniteny foana, na ny sofina hihaino zavatra tsy mahasoa, na ny tanananao hanao zavatra tsy marina. Aza miray tsikombakomba amin’ny devoly. Satria **ny loharanom-pitahiana dia ao anatin’ny fonao** ary tsy ho anao ihany fa ho an’ny ankohonanao rehetra koa.

III. <u>FEHINY</u> :

1. Ny amin’ny ray aman-drenin’ny zaza hatao batisa :

Ny fanekena ataon’ny ray aman-dreny eo am-panolorana ny zaza ho amin’ny Batisa izany dia mifototra amin’ny finoana ny fahasoavan’Andriamanitra izay hanaovana batisa ny zaza sy ny fifadiana ny devoly sy ny asany ary ny fombany rehetra. Fanekena tsy ataon’ny ray aman-dreny amin’ny olombelona izany fa amin’Andriamanitra. Ny fanatanterahan’ny ray aman-dreny ireo no azo anambarana fa tsy natolony amin’izao fotsiny amin’ny batisa ny zanany fa tena fantany ny hasarobidin’izany fahavitana batisa izany ka hanaovany izay azo atao rehetra hitaizana ny zanany haharitra amin’ny firaisana amin’i Kristy.

2. Ny amin’ny vavolombelona ny mpiantoka ny zaza :

Tsy mpanome gourmette en or no asa sy andraikitrin’ny vavolombelona na ny mpiantoka ny zaza hatao batisa. Misy manko manantena izany amin’ny olona ataony parrains sy marraines-n’ny zanany hatao batisa. Dia misy koa olona tsy sahy manaiky ny ho parrain na marraine fa tsy manana ny ho enti-manana izany.

Ny vavolombelona dia natao hivavaka ho an’ny zaza ary mampianatra azy ny finoana raha tsy afaka manatanteraka izany ny ray amandreny.
Ny antony anatonan’ny vavolombelona hanatrika ny fanaovam-batisa, hoy Lotera, dia ny **hampahatsiaro ny ray aman-dreny ny toky nomeny an’ Andriamanitra, ka hananarany azy haharitra tsy hiala amin’izany.** Misy ny mahatsiaro ihany ny hasarobidin’ny andraikiny saingy matin-kena-maso ka tsy sahy milaza, ohatra, amin’ny ray aman-dreny mba hitondra ny zanany hamonjy Fiangonana. Azo lazaina anefa fa manamaivan-danja ny fanaovana batisa ny zaza izy raha tsy mahatanteraka izany andraikiny izany.

Donald Gizy Ratiambahoaka, Mpitandrina.